# Sitrana ny Boka Iray

**Toromarika:** Tsara raha amin'ny toerana mangina ianao no mamaky ny andinin-teny eto ambany. Alao sary an-tsaina ilay tantara. Ataovy toy ny hoe teo mihitsy ianao, ka renao ny feo manodidina sy ny olona miteny, ary tsapanao ny fihetseham-pon'ireo olona asongadina ao.

**Mpandray anjara:** Namàna, Elisa, ary ilay zazavavy israelita tsy fantatra anarana

**Famintinana:** Nasain'ny zazavavy israelita iray nankany amin'i Elisa i Namàna, lehiben'ny tafika syrianina, ka sitrana tamin'ny aretina nahatsiravina nahazo azy.

❶ ***ALAO SARY AN-TSAINA ILAY TANTARA.—VAKIO NY 2 MPANJAKA 5:1-19.***

Inona no tsy maintsy ho tsapan'ilay zazavavikely israelita noho izy nosarahina tamin'ny fianakaviany, izay matahotra an'Andriamanitra? _____

_____

_____

Inona no tsapan'i Namàna, noho izy natanjaka nefa nanana aretina nikiky? _____

_____

Ahoana no fahitanao ny resak'i Namàna sy ny mpanompony, eo amin'ny andininy 11 ka hatramin'ny 13? _____

_____

Lasa nanao ahoana ny fihetsik'i Namàna, manomboka eo amin'ny andininy 15?

_____

❷ ***FAKAFAKAO ILAY TANTARA.***

Inona no nety ho nahatonga an'i Namàna hiavonavona? (*Vakio indray ny andininy 1.*) _____

_____

Tadiavo ao amin'izay boky ara-baiboly anananao ny mombamomba ny habokana.* (Ohatra: Nanao ahoana ilay aretina? Nifindra ve ilay izy? Ahoana no nitsaboana azy?) _____

_____

* Anisan'ilay aretin-koditra nantsoina hoe habokana, tamin'ny andron'ny Baiboly, ilay antsoina ankehitriny hoe aretin'i Hansen.

Rehefa sitrana i Namàna, inona no nety ho vokatr'izany teo amin'ilay ankizivavikely israelita?

Nahoana no azo lazaina fa fitsapana ho an'i Namàna ny valin-tenin'i Elisa? (Jereo ny andininy 10.)

### 3 *AMPIHARO IZAY NIANARANAO. SORATY ETO IZAY NIANARANAO MOMBA NY...*

Maharatsy ny avonavona.

Fahasahiana rehefa milaza ny zavatra inoanao.

Fahaizan'i Jehovah manasitrana.

### 4 *INONA NO HITANAO HOE TENA MAHASOA ANAO AMIN'IO TANTARA IO? NAHOANA?*

www.jw.org © 2010 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania